# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 179-2), Madagasikara 06 janoary 2020

***Matio 21: 43 "Ary noho izany dia lazaiko JESOSY aminareo hoe: hesorina aminareo ny Fanjakan'i JEHOVAH, ka homena izay firenena mahavokatra ny voany."***

Finaritra va ry zanak'olombelona? Miarahaba tratry ny taona. Finaritra va ny fanahinareo? Finaritra va ny fonareo? Finaritra va ny sainareo? Manao ahoana ihany koa ny vatanareo? Fa izany rehetra izany dia tokony ho tsara avokoa. Mponina aiza? Miaina aiza? Mahafantatra inona? Hatraiza ny fahalalanao? Hoy AHO JEHOVAH manao hoe sombintsombiny ihany izany. Efa lasa ny ady voalohany, efa tanteraka ny ady faharoa fa ho avy ambany masoandro koa ny fahatelo farany. Moa va tsy efa nambarako taminareo izany fa hikambakambana ny firenen-dehibe fa hisaraka ny sasany haka ho azy, Hafatra GV 44, GV 46. Fa tsy maintsy tanteraka izany. Dia hoy AHO aminao hoe safidio haingana ny manaraka ANAY, ny manompo ANAY, ny mino ANAY. Inona izany? Izay mahafantatra zava-miafina ihany sy manaraka izany no ho tafita VELONA. Hatraiza ilay fahavelomana? Manomboka amin'ny fankatoavana izay lazaiko sy ny finoanao izay ambarako ary ny fanarahanao ny hafatro. Tsy olona no manoratra izao hafatra sady maika no tokony afafy maneran-tany izao fa IZAHO JEHOVAH no maniraka ny mpanompoko mba hampahafantatra izay monina ambany masoandro rehetra izay ho avy. Tahaka ny tamin'ny andro taloha ihany. Raha mandre ny hafatro ianao mivonona. Raha mandre ny feoko ianao mitsangana. Raha mino izay lazaiko ianao mizarà. Indro manomboka ambany masoandro eo amin'ny tany misy ny velona izay voasoratra ao amin'ny Baiboly. Ady tsy mety vita, ady tsy manam-pahaterana, ady srotra fiatombohana. Mba mino izany va ianareo? Sarotra inoana izany fa hoy ny ***Matio 24: 6-8***. Fanombohana ihany anefa izany. Tsy manam-pahataperana io mandra-pahatongako, mandra-pahatanteraky ny Teny voasoratra eo aminareo. Ny Fanjakana dia omena ny firenena manaiky an'i JESOSY. ***Matio 21: 43***. Fanombohana ny fametrahana izany FANJAKAKO izany izay miseho ambany masoandro. Mitaky toy izao AHO JEHOVAH mba hanavahana anao mba ho an'i JESOSY. Fa raha firenena tsy manana an'i JESOSY KRISTY, ny zava-miseho dia izao: miady antrano izany firenena izany. Ho anao izay tsy mahalala izay voasoratra, ***Lioka 21: 30-31***. Izany hoe rehefa vonona ireo izay notsongaina, nino, nanaiky, voatokana, nantsoina dia tonga izay ny fotoanako. Indrindra moa ho an'ireo izay efa vonona hiady ny FANJAKAKO fa tsy maintsy miafara amin'izany ny zava-misy ambany masoandro : FANJAKANA miady fanjakana. Misy fanafody sahaza izany fanambarana izany, inona ary? Ry olombelona o! Aza variana, ry Fiangonana o! Aza miady hevitra, ry Firenena o! Aza mifampiandany, aza mifampiampanga, aza mifampitsaratsara, aza mifanameloka, aza mandany fotoana amin'izay mandalo, aza mankany amin'ny fahaverezan-kevitra izay azo amboarina. Vahaolana ve? Mibebaha ianareo fa akaiky ny FANJAKAKO, ***Matio 3: 2***. Midira ao amin'ny efitranonao izay mangingina, ***Matio 6: 6***. Aza manahy ny ampitso, katsaho aloha ny FANJAKAKO sy ny FAHAMARINAKO, ***Matio 6: 33-34***. Ataovy izay hamantaranao an'i JESOSY fa IZY ihany no vahaolana TOKANA afaka mandray antanana ny tany, ny olombelona tsy an-kanavaka. Hataonao ahoana ny fandositra ireto? Tsy hanaiky intsony ny rivotra fa hisafotofoto, tsy hay fantarina ny lalan-kalehany. Hataonao ahoana ny fandre ny fipoapoaky ny afo tsy mety maty fa na dia ny zava-maitso aza dia mandray afo, moa va tsy tahaka ny tao Sodoma sy Gomora, lavenona sisa. Mitovy ny haavon'ny rano sy ny ranomasina izay miditra an-tanety, tsy mety mihena, tsy mety ritra sady mangotrakotraka tahaka ny rano nampangotrahina ary midoboka tahaka ny antontan-javatra mahery. Azo ialana ve raha ny tany no mitresatresaka, mangotrakotraka, mihozongozona, mandrava tanàna mihitsy sy ny mponina ao aminy. Tsy azo ialana avokoa izany. Tampoka avokoa ny fahatongavan'izany eo amin'ny tany misy ny zanak'olombelona. Ny antom-pisian'izany dia ireo karazam-pahotana misy eo aminareo, heverin'ny olona fa mety azo atao kanefa mampahory ireo zava-boary efatra izay azo lazaina fa AINA. Ny fahatezeran'izy ireo fa voaloto no mahatonga izany rehetra izany. Zava-doza fa hisy tany tsy ho hita popoka izy sy ny olona ao aminy. Hisy tany hitongilana, rava sy potika nohon'ny fanoherana fahamarinana sy fihoarana ny lalako sy ny lalàko izay AHY JEHOVAH. Ho maro ny fatiantoka ambany masoandro fa hisy koa ny fandresena, fanarenana, fanamboarana, famerenana amin'ny laoniny izay avy AMIKO JEHOVAH Mpamorona. Mpanangana ny rava AHO. Mahalala ny marina AHO. Manapaka ny tany amin'ny alalan'i JESOSY KRISTY AHO. Tompon'ny Hery, Tompon'ny aina, Tompon'ny fahavelomana, Tompon'ny Fanjakana, Tompon'ny Tany, Tompon'ny Lanitra. Tompon'andraikitra amin'izany Teniko izany AHO. Tsy hainareo izany fa haiko, ***Matio 19: 26***. Miomàna fotsiny ianao na ho andro na ho alina. Izany no antony nanomezako anjely isam-pirenena miisa 1860 mba ho fanampiako anareo manoloana ny zava-misy sy hitranga eo amin'ny tany misy anareo. Tsy hafatra fe hafatra fotsiny izao tonga eo aminareo izao fa mpaminany no ampanoratiko fa mba inoy ihany. Mandrapahatongan'ny hitsanganan'ilay FANJAKAKO dia saro-pantarina izay miseho amin'ny tany ambany sy izay mety ho famantarana ety amin'ny lanitra ambony. Hahagaga anareo olombelona izany zavatra hisy izany. Dia hoy AHO hoe miomàna dia miambena, mivavaha dia mahalalà na dia izay zava-miafina sy saro-pantarina aza. ***Jeremia 33: 3***. Ry olombelona o! Aoka izay ny fiherikerehana, ny fahadisoan-kevitra fa IZAHO te hiara-hiasa aminareo amin'ny alalan'ny fahasoavako, Teniko, Heriko sy ny Fanapahako amin'ny alalan'ireo anjely izay hiara-hiasa aminareo fa fombako izany. Mety ho tanteraka ve izany? tanteraka izany raha mahery mivavaka ianao. Ry Elia dia nahery nivavaka, ***Jakoba 5: 10***. Ry Daniela koa, ***Daniela 6: 11, Daniela 10: 2***. Afaka ho toy izany koa ianao. Mba andramo moa e! fa tsara AHO JEHOVAH, ***Salamo 34: 8***. Ary iza ireo afaka eo akaikinao fa ny anjeliko dia mitoby manodidina, ***Salamo 34: 7***. Mba aelezo re izao hafatra ambany masonao mba hivonon'ny hafa sy hahafantarany zava-miafina. Ny taona vaovao no nanaovan'i Iosifera loka fa hiasa mafy izy. Mba fantaro ihany izany. Misaotra anao izay mamaky sy mihaino.

Amen!

Mbola hitohy.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43, 034 44 966 48***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety efa miara-miasa, Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety notarihan'ny Filoha Ravalomanana teny Bel'Air afak'omaly.**







